FAMPIANARANA TENY ANGLISY

Nahazo fanampiana tamin'i Etazonia ny Oniversiten'Antananarivo

Manatsara ny tontolo fianarana, ao amin'ny efitrano fianarana teny anglisy, teny amin'ny Oniversiten' Antananarivo nyMasoivohon'i Etazonia eto amintsika. Tanjona iombonan' ny Oniversiten'Antananarivo sy ny Masoivohon'i Etazonia, ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana ho an'ireo mpianatr'ity oniversitem-panjakana sangany indrindra eto amin'ny firenena ity. Noho izany indrindra dia notoloran'ny Masoivohon' i Etazonia fitaovana elektronika sy fanaka an-dakilasy, ny Sampam-pampianarana teny anglisy eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo ny faran'ny herinandro teo, ho fanatsarana ny tontolo fianarana ao amin'ny efitrano fianarana sy tranomboky ao aminy. Heverina fa hanampy sy hamporisika hatrany ireo mpianatra hisitraka fomba fianarana mahomby kokoa, ireo talantalana, latabatra birao, seza, fahitalavitra sy fitaovana elektronika maro samihafa natolotra.

Ny lanonana fanolorana fanampiana nataon'i Etazonia, ho an'ny fampianarana teny Anglisy ao amin'ny Oniversiten'Antananarivo.

Mahafaly ny Masoivohon'i Etazonia ny manohana ity Sampam-pampianarana teny anglisy ity, noho izy hany sampam-pampianarana ambony fianarana teny anglisy eto amin'ny firenena, no sady sehapiofanana lehibe ho an' ireo mpampianatra teny anglisy maro eto antoerana. Amin'ny maha tenim-pirenena be mpampiasa indrindra manerantany ny teny anglisy, teny ifanakalozana eo amin'ny raharaha iraisam-pirenena, ny tontolon'ny siansa sy ny internet; dia hanokatra fanararaotra ara-panabeazana sy ara-toekarena ho an'ny mpianatra Malagasy eto amin'ny firenena, ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana teny anglisy eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo.

Nandray ireo fanampiana ireo avy amin'ny Mpanolontsaina misahana ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny Masoivohon'i Etazonia, Ryan Bradeen, ny Filohan'ny Oniversiten'Antananarivo, ny Profesora Mamy Ravelomanana, notrononin' ny Sojaben'ny Fakiolten' ny Haisoratra sy ny Teny ary ny Siansan'ny mahaolona, Fanja Tahina Ralinirina, sy ny Lehiben'ny Sampam-pampianarana teny anglisy, Harilala Andrianarivelo.

Ny Masoivohon'i Etazonia dia mijoro anilan'ny Oniversiten'Antananarivo toy ny mpirahalahy mianala, ho fanohanana ny vinan' ny Oniversite mifototra amin'ny fananana fijery sy fisainana misokatra amin' izao tontolo izao, mba hahafahana mandray andraikitra eto an-toerana, na ilay hoe « think global, act national ». Ho fanamafisana hatrany izany fiarahamiasan'ny roa tonta izany dia hosokafana tsy ho ela eny amin'ny Oniversite ny American Corner vaovao.

Aly

Tarika « Diary »

Sompitry ny hira nentin-drazana Malagasy

Raha toa ka manao tsy omby aloha amin'ny fivoizana ireo gadon-kira Vahiny sy ny fakana tahaka be fahatany izany ny ankamaroan'ireo mpisehatra amin'ny hira sy ny mozika malagasy ankehitriny. Ny miezaka mamelomaso, mitahiry ary mampahafantatra ireo haren' ny mozika nentim-paharazana misy manerana ny Nosy amin'ireo taranaka no antom-pisian'ny tarika Diary. Ity farany izay niorina ny taona 2020.

Tarika "Diary", omeny lanja ihany koa ny fianjaika an-tsehatra.

Tononkira mirakitra anatra, misy vontoatiny no jarianay, hoy ireo mpitarika ny "Diary", mba ho fanabeazana feno sahaza ny isam-baravarana. Ny trangam-piainana andavanandro (fitiavana, fiarovana ny tontolo iainana, fianarana, asa, sns…) hatrany no akora fototra entin'ny "Diary" manefy ireo voka-kantony. Arindran' ireo mpikambana amin'ny gadon-kira malagasy nentim-paharazana avy amin' ny lafivalon'ny Gasikara toy ny salegy, tsapiky, bagasy, vakodrazana, kidodo, mangaliba, vakodrazana, sns… izy ireny, mba tsy haha-tompontrano mihono ireo Malagasy lian-kanto. Voambolana Malagasy madio sy manaraka ny fitsipi-pitenenana no ampiasain'ny tarika ampitana ireo hafatra ho fanomezan-kasina ihany koa ny teny Malagasy, izay anisan'ireo harena sarobidy tokana aman-tany mampiavaka ny Malagasy. Tsapa fa nanosika ny maro "hiverina an-doharano" ary hankafy sy "hanasina" indray ny mozika nentim-paharazana Malagasy, ny ezaka efa vitan'ny tarika Diary. Anisan'ireo sanganasan' ny Diary efa tsy afaka ambavan'ny maro ny "Arahaba", "Mpandresy" ary ny "Tafasaraka", ity farany izay vokatra vao nivoaka tsy ela akory. Sehatrasa ketrehan'ny tarika ny famoahana rindran-tsary vaovao, sy ny fanohizana ny fanapariahana ireo sanganasany amin'ny alalan'ny seho an-tsehatra mitety faritra. Malalaka amin'ny fiaraha-miasa rahateo ity tarika miezaka mitondra ny anjara birikiny, ho amin'ny fanomezan-kasina indray ny mozika nentim-paharazana malagasy ity.

Lalasoa Razafindrakoto

"Mondial Basket 3x3" any Autriche

Efa vonona ny Ankoay Sénior lehilahy Malagasy

Ankoay 3x3 sénior homme Malagasy.

Efa vonona tanteraka ankehitriny ary eo am-panomanantena fatratra, ny Ankoay Sénior lehilahy Malagasy, hiatrika ny "Mondial Basket 3x3" hatao any Autriche amin'ny 30 mey ka hatramin'ny 5 jona 2023 ho avy izao. Marihana fa ny Ankoay 3x3 lehilahy Malagasy nahitana an'i Livio Ratianarivo, Elly Randriamampionona, Arnol Solondrainy ary i Fiary Rakotonirina no tompondakan'i Afrika farany rehefa nandavo an'i Egypte tany antaniny tamin'ny volana desambra 2022 tamin'ny taon-dasa.

Rainilita

Rotsak'orana be sy Cheneso

Tondraka koa ny tanànan'i Morondava

Vokatry ny rotsak'orana be aty an-toerana, sy vokatry ny rivodoza Cheneso, tondraka ihany koa amin'izao fotoana ny tanànan'i Morondava. Faritra maro eto andrenivohitry ny faritra Menabe amin'izao fotoana no milona ao anaty rano tanteraka. Noho izay antony izay, miantso ireo olom-boafidy ato Menabe handray andraikitra ny Prefet an'i Morondava ; miantso koa ireo mpanao politika sy fikambanana sy ny tsara sitrapo afaka manampy, fa efa maherin'ny 2500 ny olona tradoza izay tsy misy sakafo hatreto, fa voatery nafindra noho ny ranobe mbola mitohy hatrany ny fitaomana ireo olona, sy ny fanentanana ary araky ny vaovao azo dia mbola hitohy ny fiakaran'ny rano. Tsy mianatra ny mpianatra, tsy miasa ny mpiasa rehetra, tsy mahazo misokatra koa ny bar mandrapaha-tsaran'ny andro. Mikasika ny vokatr'ity rivo-doza ity ihany, raha ny tarehimarika farany voaray manerana ny Nosy: tafakatra 07 ny isan'ireo olona namoy ny ainy, 13 ireo tsy hita popoka. 38.479 kosa ny isan'ireo traboina.

Rajepa

Rano tondraka ao amin'ny tanànan'i Morondava.

Basket NBA 2K23 eFIBA Saison 1

Lavon'i Maroc teo amin'ny famaranana i Madagascar

Tompon-daka lefitra i Madagasikara eto Afrika, fa lavon'i Maroc teo amin'ny lalao famaranana, tamin'ny fifaninanana andiany voalohany amin'ny eFIBA AFRIQUE NBA 2K23. Ny Ankoay e-Sport no nisolontena an'i Madagasikara tamin'izany fifaninanana izany. Marihana fa nanomboka tamin'ny 20 janoary, ka hatramin'ny 25 janoary 2023 ity fifaninanana ity, federasiôna nasiônaly niisa 30 no mizara ho "conférences" enina nandray anjara tamin'izany (North America, South America, Middle East, Southeast Asia, Europe, Africa nahitana an'i Madagascar, Côte d'Ivoire, Maroc ary Egypte).

Rainilita

Ny Ankoay e-Sport solontena Malagasy.

NY VALOSOA Gazety mischo intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00
gvalosoa@yahoo.com